Commission Electorale Nationale Indépendante

CENI MADAGASCAR

CENI/SEA/DIREELCOM/SCRP- 023 -18

Fampitam-baovao

Antananarivo, 27 desambra 2018

Niroso tamin'ny fahampahafantarana ny voka-pifidianana vonjimaika tamin'ny fihodinana faharoan'ny fifidianana filoham-pirenena natao ny 19 desambra 2018 lasa teo ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny fifidianana (CENI) androany, teny amin'ny foiben-toerany, teny Alarobia. Araka ny fahefana izay nomen'ny lalàna azy, ao amin'ny andininy faha 38 ny lalàna lf 2015-020 tamin'ny 19 oktobra 2018 dia anisan'ny andraikitry ny Mpikarakara fifidianana ny fikirakirana ny voka-pifidianana vonjimaika.

Taorian'ny asa rehetra izay natao tao anatin'ny mangarahara tanteraka no nahafahan'ny CENI namoaka izany. Tamin'ireo mpifidy miisa 9 913 599 voasoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana, 4 767 697 (48, 09%) no tonga naneho ny safidiny. Ny isan'ny vato manankery tamin'izany dia nahatratra, 4.648.086, ny vato maty tamini'zany, 78.465 ary ny vato fotsy 41.146. Mitsinjara toy izao ny vato azon'ireo kandidà mpifanina tamin'izany fifidianana izany : ny an'ny kandidà laharana faha 13, RAJOELINA Andry Nirina, 2.587.035 manome isan-jato 55,66% ary ny an'ny kandidà laharana faha 25, RAVALOMANANA Marc, 2.061.051 manome ny salan'isa 44,34%.

Nizotra tsara avokoa tamin'ny ankapobeny ny latsabato tamin'ireo birao fandatsaham-bato manerana ny nosy. Na izany aza, nisy ihany ireo birao fandatsaham-bato izay tsy nahitana raharaham-pifidianana, izay voalaza tao anatin'ny fitanana an-tsoratra avy any amin'ireo filohan'ny vaomiera mpanisa vato eny anivon'ny Distrika 4. Nahitana izany, ireo birao fandatsaham-bato:

- lf 440 507 120 101 tao amin'ny fokontany Tsarararano, Kaominina Komajia, Distrikan'i Mampikony,
- lf 440 507 130 101 tao amin'ny fokontany Atsirandrano, Kaominina Komajia, ao amin'ny Distrikan'i Mampikony ihany.
- lf 610 116 200 101 tao amin'ny fokontany Tsimikaboke, Kaominina Maroalopoty, Distrikan'i Ambovombe Androy,
- lf 602 105 110 101 tao amin'ny fokontany Mandoha, Kaominina Esira, Distrikan'i Amboasary Atsimo
- lf 602 105 150 101 tao amin'ny fokontany Emantsake, Kaominina Esira, ao amin'ny Distrikan'Amboasary Atsimo ihany
- lf 602 216 100 101 tao amin'ny fokontany Imotro, Kaominina Mahabo, ao amin'ny Distrika Betroka.

Nibaiko ny asa rehetra nataon'ny CENI hatrany ny fanarahan-dalàna, ny fangaraharahana ary ny fampandraisana anjara ny rehetra amin'ny raharaham-pifidianana. Niseho izany nanomboka

Commission Electorale Nationale Indépendante
Rue Ranaivo Paul, enceinte ININFRA en face du Lycée Technique Alarobia Antananarivo
Service de la Communication et des Relations Publiques
Tel: 034 49 602 57 mail: communicationceni@gmail.com
Facebook: CENI Madagascar / Site web: www.ceni-madagascar.mg

tamin'ny fotoana nananganana azy hatramin'ity fifidianana filoham-pirenena 2018 ity. Notanisain'ny Filohan'ny CENI tamin'izany, ny faneken'ny CENI ny fampitahana ireo fitanana an-tsoratra avy amin'reo sampana mpanisa vato sy ny fijerena ireo antontan-taratasy mirakitra ireo voka-pifidianana samihafa tonga hatramin'ny famerenana ny fanisàna ireo taratasin-datsa-bato tokana, ho fanomezana fahafaham-po ny fangatahana izay nataon'ireo kandidà sy ny solontenany. Taorian'ny fampitahana izay natao, nahitana tsy fitoviana teo amin'ny firaiketana isambato azon'ny kandidà sy ny fitanana an-tsoratra avy amin'ny sampana mpanisa vato sy ny avy amin'ny kandidà laharana faha 25, tao amin'ny birao fandatsaham-bato lf 111 101 120 105 tao amin'ny fokontany Analamahitsy Tanana, Distrikan'Antananarivo faha 5. Tsikaritra tamin'izany fa fahadisoana ara-materialy teo amin'ny fomba namenoana ny fitananana an-tsoratra no anton'ny tsy fitoviana. Tsy nahitana fahadisoana na tranga mety nisy fiantraikany goavana eo amin'ny voka-pifidianana vonjimaika kosa anefa izany.

Tetsy an-kilany izany, nankatoavin'ny CENI ihany koa ny fanaraha-maso nataon'ireo solontenan'ny kandidà tany amin'ireo sampana mpanisa tamin'ireo Distrika miisa 119 manerana an'i Madagasikara ary ny fisian'ireo solontena avy amin'izy ireo niara-nivory tamin'ireo mpikambana eo anivon'ny CENI ary koa niasa sy nonina teny amin'ny CENI foibe nandritra ny fotoana nikirakirana ny voka-pifidianana.

Tsiahivina fa nahitana fahatsarana ny fizotry ny fifidianana tamin'ity fihodinana faharoa ity. Nohamafisin'ireo mpanara-maso fifidianana eto an-toerana sy avy ivelany izany.

Commission Electorale Nationale Indépendante
Rue Ranaivo Paul, enceinte ININFRA en face du Lycée Technique Alarobia Antananarivo
Service de la Communication et des Relations Publiques
Tel: 034 49 602 57 mail: communicationceni@gmail.com
Facebook: CENI Madagascar / Site web: www.ceni-madagascar.mg